# 2 NY H.A.D IHARANA SY MPANDRAY

## LOHAHEVITRA

- Andeha hanavaka ny fehezanteny manana HAD ATAO sy FITAOVANA

## LESONA HO TADIDINA

Famantarana ny hevitra ara-drafitra

HAD = tsirinteny + FKI

### HAD IHARANA

**Ireo fepetra takiana amin'ny HAD ny L IHARANA**

- EM matoanteny aman-tovana "-ina" na "-ana"
- Tsofoka –in-
- Tsirin-teny sara-droa ka tapany faharoa –ina
- Matoateny fototeny
- FKI mivany 2

Ohatra :

F1 : Hodiovin'ny olona ny tanàna

EM RF L/Iharana

F1: FKI mivany 2 (Hodiovina ny tanàna)

F1= Hodiovina < ho –dio - v – ina

ho: filazam-potoana ho avy

dio : fototeny

-v-: fanatsaram-peo

-ina :tovana

## HAD MPANDRAY

### Ireo fepetra takiana amin'ny HAD ny L MPANDRAY

- EM matoanteny aman-tovana "-ana"
- FKI mivany 3 ka ny vaniny fahatelo dia RF Atao

Ohatra :

F2 : Nopetahana sary ny rindrina.

EM RF L/ Mpandray

F2 : FKI mivany 3 ka ny vanin'ny fahatelo dia RF ATAO (Nopetahana sary ny rindrina)

F2: Nopetahana < no – petak(a) – ana

no : filazam-potoana lasa
petaka : fototeny
-ana : tovana

**SAHANASA 1**

Omeo ny HAD ny L amin'ireo fehezanteny ireto ary hamarino ny valin-teninao

F1 : Zaraina amin'ny tra-boina ny fanampiana
F2 : Tinadin'ny olona ny vola
F3 : Hankalazaina amin'ny volana Jona ny fetim-pirenena
F4 : Lany daholo ny vola rehetra
F5 : Norosoana sakafo ny vahiny

**SAHANASA 2**

Mamorona fehezanteny ahitana :
HAD ny L IHARANA 3
HAD ny L MPANDRAY 3